# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Jolay 2020

# 26 Alahady jolay

***(Fijoroan'ny apostoly Paoly ho vavolombelona :)* Nony ilay nitataovovonana iny ny andro … dia hitako teny an-dàlana fa, indro, nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra manodidina ahy… mihoatra noho ny famirapiratry ny masoandro.** Asan'ny Apostoly 26. 13

***(Tany an-tranomaizina ny apostoly Petera :)* Indro, nisy anjelin'ny Tompo tonga teo, sady nisy mazava namirapiratra tao an-trano.** Asan'ny Apostoly 12. 7

## Ny hoe „Mamirapiratra" na „Mampahazava", ao amina andinin-tSoratra Masina vitsivitsy

Mamirapiratra ao amin'i Kristy ny fahalehibeazana ara-toe-panahy sy fiandrianan'Andriamanitra — ny voninahiny. Jesosy Kristy mihitsy no „famirapiratan'ny voninahiny *(voninahitr'Andriamanitra)* sy endriky ny tenany indrindra" (Hebreo 1. 3).

Rehefa niova tarehy teo anatrehan'ny mpianany telo lahy i Jesosy, „ny tavany namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava" (Matio 17. 2).

Andriamanitra dia mampamirapiratra ny fahazavany eo amin'ny mpino.

„Andriamanitra … no nampahazava ny fonay ho amin'ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny tavan'i Jesosy Kristy" (2 Korintiana 4. 6).

Ny mpaminany Isaia dia nibanjina „mazava lehibe" namirapiratra tany Galilia, ary nanambara hoe : „Ny olona … izay mitoetra amin'ny tany aloky ny fahafatesana no iposahan'ny mazava" (Isaia 9. 1).

Nihira i Davida hoe : „Ianao no jiroko, Jehovah ô ; Jehovah no mampahazava ny fahamaizinako" (2 Samoela 22. 29). Ary mbola afaka miteny amin'Andriamanitra ihany koa izy hoe : „Tsia, fa ny maizina aza tsy mahamaizina aminao ; fa ny alina dia mahazava toy ny andro ihany, ka sahala ny mazava sy ny maizina" (Salamo 139. 12).

Indray andro any ny mazava dia hamirapiratra amin'ny mpino.

„Fa ny làlan'ny marina dia toy ny fipoak'andro maraina, izay mihamazava mandra-pitataovovonan'ny andro" (Ohabolana 4. 18).

„Ny marina dia hamirapiratra tahaka ny masoandro any amin'ny fanjakan'ny Rainy" (Matio 13. 43).

*Fahasambarana tsy manan-tsahala,*
*rehefa hamirapiratra eo amin'izy ireo*
*Any amin'ny fiadanana mandrakizay*
*ny endriny mendrika hitsaohana !*